EKLESIA EPISKOPALY MALAGASY
DIOSESIN'ANTANANARIVO
KOMITIN'NY SYNODA
12—15 DESAMBRA 2017

TALATA 12 DESAMBRA 2017
ANDRO VOALOHANY

- 7ora 30mn : Komoniona Masina, natolotry ny Evekan'ny Diosesy, Mgr RANARIVELO Samoela Jaona, tao amin'ny Katedraly Santa Laurent, Ambohimanoro, ho fanombohana ny fivorian'ny Komitin'ny Synoda.
  Isan'ny tonga nanatrika : 24
- 8ora 15mn : Nisy sakafo maraina , nomanin'ny Reninjazan'Anjanaminovola.
- 9 ora : fanombohan'ny fivorian'ny Komitin'ny Synoda, ka ny Evekan'ny Diosesy no nanomboka izany tamin'ny vavaka : Hira faha-90, Salamo faha-96, vavaka ary nofaranana tamin'ny Hira faha- 91

Niroso tamin'ny famakiana ny anaran'ny mpivory, nataon'Andriamatoa RANDRIANIAINA Louis de Gonzague, mpandraharahan'ny diosesy :

- Tonga : 41
- Tsy tonga : 10

Koa satria tratra ny fetr'isa dia nanambara ny Evekan'ny Diosesy fa azo tanterahina ny fivoriana, amin'ny anaran'Andriamanitra Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina, Amena.

1) **Lahatenin'ny Evekan'ny Diosesy**

Niarahaba ny mpivory tonga soa amin'izao fivoriana izao ny Eveka.

Nanentana sy nampahery ny tsirairay izy amin'izao Adventa izao mba hananan'ny tsirairay toe-po sy toe-panahy mendrika ka hanao ho zava-dehibe ny fiantsoan'Andriamanitra antsika mba ho fampandrosoana ny asany indrindra amin'ny maha Komitin'ny Synoda antsika.

Raha ny fiainan'ny diosesy amin'ny ankapobeny dia afaka milaza isika fa mandroso izany na dia eo aza ireo olana samihafa sedrantsika, noho ny antony sy ny tranga samihafa lalovana. Nanamarika izany ny nahatontosana ireo fivoriana samihafa, nahafahana nandrefy ny dingana efa vita sy ny mbola hatao.

Nanaraka izany dia nasongadiny ireto zavatra ireto :

ASA SAMIHAFA

- Ny fandalovan'ny zanakavavin'ny Mpanjakan'i Angleterre nisaotra ireo tonga nanotrona sy nanome voninahitra izany fotoana izany izy. Izany dia tafiditra indrindra ao anatin'ny faha-200 nanaovan-tsonia ny fifanekem-pihavanana teo amin'ny Manjaka Radama I sy Angletera.
- Ny fahavitan'ny fivorian'ny Synoda Provansialy tamin'ny volana septambra teo, ka navoafidy ny Archeveka vaovao.
- Voafidy ho Eveka Mpanampin'ny Diosesin'i Toliary ny Rév RAZAFINDRALAMBO Samitiana, izay sekretera provinsialy teto amin'ny Ranomasimbe Indiana.
- Fiainanam-panahy : tanteraka ny Zaikabe nataon'ireo Herivelona isan-karazany : FLKAM, Reninjaza, RIATA.
- Nisy ny asa vita toy ny fankalazan' ireo Fiangonana maromaro ny taon-jobiliny teto anivon'ny Diosesy sy ny fitokanana ireo Fiangonana vaovao.
- Nametra-pialana tsy ho Komitin'ny Synoda Atoa RAZAFINDRALAMBO Mil'Jhon, mpitantsoratra lahika.

FIOFANANA

- Seha-piofanana samihafa izay miparitaka any amin'ny isan-Distrika koa ireo SEFAMALA.
- Mitombo isa ny Kristianina ary mitombo toy izany koa ireo mandray fahasoavana amin'ny Sakramenta ao amin'ny Fiangonana.

MPIASA

- Nisy ny famindran-toerana ireo mpiasa eto amin'ny Diosesy (Presbytera, Evanjelista)
  Tsy hadino koa anefa ireo fahoriana samifaha nitranga teo amin'ny Rév Rabefaritany namoy vady, Rév Béry namoy vady, Vén Justin namoy ny iraitam-po, Doyen Pierre namoy ray fa teo kosa ny tera-bao dia ny Rév Georges.

PROJET

- Ho fantatra tsy ho ela ny tompon'andraikitra ara-bola eo amin'ny Projet sy ny Diosesy.
- Hisaorana Andriamanitra fa nivaly ny fangatahana famatsiam-bola avy amin'ny Trinity Church ho enti-manana ny fananganana ny trano kambana mbola mila fanohanana avy amintsika Kristiana izany.
- Efa mandeha koa ny fanarenana ny IFLA ary efa misy ny vokatra amin'izany.

Entanina hatrany ny fifanoloran-tànana sy fiaraha-mientana eto amintsika sy ny mbola fiezahana hampandroso ny asa.

FIARAHA-MIASA

Nahazo fanomezana lamba avy amin'ny Ambasady Chine ny Reninjazan'ny Diosesy ho fanampiana ireo zaza kamboty eny amin'ny AFA sy ireo Reninjaza sahiranana isan-Distrika.

FITORIANA FILAZANTSARA

Ny Fiangonana dia tsy afa-mijanona fa tsy maintsy mandroso, ary eo ambany fitarihan'i Kristy. Tsy mora ny làlana ary miandry antsika izany. Miasa ho an'ny Tompo isika ary mbola hiasa ho an'ny Tompo hatrany. Mila ny fiarahamientana eo amintsika manoloana ny zava-misy : ohatra amin'izany ny firongatry ny silamo sy ny asan'ny maizina isan-karazany. Dia mirary antsika hahita fahombiazana hatrany.

Fanamarihana : nohon'ny antony dia najanona ny tatitra fintin'ny fivoriana rehetra teo aloha fa nahemotra amin'ny andro manaraka.
Nisy ny taratasy fanolorana an-dRtoa RAHELIMANANJARA Solofoniaina Aima ho mpitantsoratra lahika hisolo ny mpitantsoratra teo aloha izay nametra-pialana.

Rehefa izany dia niroso tamin'ny tatitra isan-karazany ny fivoriana.

TATITRA ISAN-DISTRIKA :

Distrikan'i Katedraly, nataon'i Vén Jeannot RAKOTOARISOA, Doyen Distrika, nahazoana tatitra an-tsoratra. Noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panitsiana sy fanazavana.
Distrikan'Avaratranjoma, nataon'i Vén David Elson RAHARIJAONA, Doyen Distrika, nahazoana tatitra an-tsoratra. Noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panitsiana sy fanazavana.
Distrikan'Ankadifotsy, nataon'i Vén Justin RANDRIANALIZAKAHERIVONY, Doyen Distrika nahazoana tatitra an-tsoratra. Noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panitsiana sy fanazavana.
Distrikan'Ambanidia, nataon'i Rév. RAKOTONIRINA Lantoniaina, Doyen Distrika, nahazoana tatitra an-tsoratra. Noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panitsiana sy fanazavana.
Distrikan'Anosizato, nataon'i Rév. RAVALOSOA Jean Roger, Doyen Distrika, nahazoana tatitra an-tsoratra. Noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panitsiana sy fanazavana.
Distrikan'Ambatoharanana, nataon'i Rév. RANAIVOARIVELO Tahiana Vonjisoa, Doyen Distrika, nahazoana tatitra an-tsoratra. Noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panitsiana sy fanazavana.
Distrikan'i Mahitsy, nataon'i Rév. RAZAKARIASY Olivier, Doyen Distrika, nahazoana tatitra an-tsoratra. Noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panitsiana sy fanazavana.
Distrikan'Antsirabe, nataon'i Rév. RAKOTONDRANAIVO Eleonor, Doyen Distrika, nahazoana tatitra an-tsoratra. Noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panitsiana sy fanazavana
Distrikan'i Ramainandro, nataon'i Rév. RAKOTONIAINA Stéphan, Doyen Distrika, nahazoana tatitra an-tsoratra. Noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panitsiana sy fanazavana.
Distrikan'i Miandrarivo, nataon'i Rév. RAKOTOVAHINY Salomon Augustin, Doyen Distrika, nahazoana tatitra an-tsoratra. Noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panitsiana sy fanazavana.
Distrikan'i Ambatondrazaka, nataon'i Rév. RAJARISON Olivier, Doyen Distrika, nahazoaana tatitra an-tsoratra. Noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panitsiana sy fanazavana.

Distrikan'i Tsiroanomandidy, nataon'i Rév. RAMANDIMBISOA Rémi Richard, Doyen Distrika, nahazoana tatitra an-tsoratra. Noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panitsiana sy fanazavana.
Distrikan'Anosibe an'Ala, nataon'i Rév. RANDRIAMANGA David , Doyen Distrika, nahazoana tatitra an-tsoratra.
Manoloana ny tsy mbola fahatanterahan'ny fifamindran'asa teo amin'ny Doyen teo aloha sy ny Doyen vaovao, ny Komitin'ny Synoda dia manome fahefana ny Arsidiakona eo amin'ny Arsidiakoneria Atsinanana hampiantso ny Rév Pierre RAMAROSAONA sy ny Doyen RANDRIAMANGA David mba handinika izany miaraka amin'izy ireo eto Antananarivo amin'izao Komitin'ny Synoda izao. Noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panitsiana sy fanazavana.
Isankerin-taona : nataon'i Vén RANDRIANALIZAKAHERIVONY Justin, filohan'ny isinkerin-taona, nahazoana tatitra an-tsoratra, noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panazavana sy fanamarihana.

TATITRY NY HERY VELONA :

Reninjaza : nataon'i Neny Tantely RANARIVELO, nahazoana tatitra an-tsoratra, Soso-kevitra amin'ny ampidirana ilay "Boky Mana ho an'ny vehivavy" mba hiara-mandinika eo anivon'ny Renin-jaza. Tsara lay soso-kevitra dia hoentina ho ao amin'ny Fikambanan'ny Renin-jaza. Noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panitsiana sy fanazavana.
FLKAM : nataon'i Atoa RAZAFINDRAKOTO Liva Parfait, nahazoana tatitra an-tsoratra, noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panitsiana sy fanazavana.
KFSA : nataon'i Atoa Avo Hary RAJOELSON, filohan'ny KFSA, nahazoana tatitra an-tsoratra, noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panitsiana sy fanazavana.
IFLA : nataon'i Atoa RAJAO Harilala Serge, filohan'ny filan-kevi-pitantanana, nahazoana tatitra an-tsoratra. Noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panazavana sy fanamarihana.
Aumonerie Militaire : nataon'i Rév. RAKOTOARISOA Soloniaina Ernest, nahazoana tatitra an-tsoratra, Tokony hisy fiofanana tsotra hatao ho an'ny Klerje mahakasika ny zavatra mety hisy amin'ireny foibe miaramila ireny. Efa manomboka hita tsikelikely ireo miaramila Anglikana, noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panazavana sy fanamarihana.
RIATA : nataon'i RAKOTONDRAMANITRA Solofotiana Zo Lovasoa filohan'ny RIATA Diosesy, nahazoana tatitra antsoratra, Hiezaka ny RIATA amin'ny fanabeazana ny tanora amin'ny lafiny ara-panahy sy ny fanaraha-maso ny lalao Besopy. Hisy koa ny fanisana miainga avy any ifotony manomboka izao. Noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panazavana sy fanamarihana.
SAHASOA : nataon'i Dr RAVONIARISOA Zoé, nahazoana tatitra an-tsoratra, Efa misy Klerje sy Evanjelista miahy ny Akany Tafita. Noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panazavana sy fanamarihana.
SAFIFI : nataon'i Rtoa RANAIVONIRINA Hanitriniaina Olivia, nahazoana tatitra an-tsoratra, noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panazavana sy fanamarihana.
SEFAMALA : nataon'i Vén RAHARIJAONA David Elson, nahazoana tatitra an-tsoratra. Hankalazaina amin'ny 2018 ny faha-30 taona an'i SEFAMALA, noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panazavana sy fanamarihana.
SKOTO : nataon'i Atoa RASOLOARIZAFY Bien Aimé, nahazoana tatitra an-tsoratra. Momba ny fiofanan'ny skoto dia vola be no lany nefa matetika rehefa vita ny fiofanana dia lasa ilay ankizy. Noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panazavana sy fanamarihana.

Nifarana tamin'ny 5 ora sy 15 minitra ny fotoana taorian'ny hira faha-10 sy vavaka ary tso-drano nataon'i Eveka, Mgr RANARIVELO Samoela Jaona.

ALAROBIA 13 DESAMBRA 2017
ANDRO FAHA-2

8 ora 30 mn : vavaka notarihin'i Rév. RAKOTONDRANAIVO Eleonor Johson, Doyen Distrika Antsirabe narahin'ny hira faha-6, Salamo 34, ary nofaranana tamin'ny vavaka.

Nitohy tamin'ny famakiana ireo tatitry ny sahan'asa :

SEKOLY ANGLIKANA : nataon'i Rtoa RAZAFINDRASOA Saholy talen'ny Sekoly Anglikana, nahazoana tatitra an-tsoratra. Nanamarika ny talen'ny Diosesy fa nahazoana taratasy fisokafanana ara-panjakana "Autorisation d'Ouverture". ny Sekoly ao Fiadanana (Longozabe). Noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panazavana sy fanamarihana.
COLLEGE SAINT LAURENT AMBOHIMANORO : nataon'i RASOLOFOMANANA Seth, nahazoana tatitra an-tsoratra, Noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panazavana sy fanamarihana.

ANGLICAN MUSIC INSTITUTE (AMI) : nataon'i Vén RAHARIJAONA David Elson, nahazoana tatitra an-tsoratra. Noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panazavana sy fanamarihana.

FIMPIADA : nataon'i Rév. RAHAROJAONA Ramarovazaha Stéphan Yve, nahazoana tatitra an-tsoratra. Tokony hisy fiaraha-miasa eo amin'ny Presbytera sy ny mpiandry. Tokony hivoaka amin'izao Komity Synoda izao ny organigramme eo anivon'ny SEFAMALA sy ireo Fiofanana any amin'ny Distrika hafa.

Hisy ny fihaonan'ny Klerje handinika ny (rafitra) sy Litorjia . Noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panazavana sy fanamarihana.

FFKM : nataon'i RAKOTOMAVO Fils Etienne, nahazoana tatitra an-tsoratra. Manentana antsika Fiangonana Anglikana rehetra mba samy hanefa ny rakitra ho an'ny FFKM. Entanina ny solon-tenantsika ao amin'ny FFKM misy azy mba samy havitrika amin'ny adidy nanolorany tena. Noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panazavana sy fanamarihana.

PROVANSA : nataon'i Atoa RAZAFIARIVONY Michel, nahazoana tatitra an-tsoratra, noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panazavana sy fanamarihana.

INSTITUT : nataon'i Rév. ANDRIAMBOAVONJY Mamy Rahajatsialonina, tsy nahazoana tatitra an-tsoratra. Izao no anarana hiantsoana ny INSTITUT : "INSTITUT ANGLICAN DE FORMATION THEOLOGIQUE ET DEVELOPPEMENT COMMUNAUTAIRE" ny teny niaingana dia ny hoe : "Manaova ho mpianatro" (Mat. 28 : 19), efa azo lazaina ho milamina amin'ny ankapobeany ny asa ho fanombohana ny fianarana saingy ny hoenti-manana no sakana ka hilana fiaraha-mientana amin'ny rehetra. Toy izao ny vinavina ho fandraisana anjaran'ny mpianatra : Droit d'inscription : 15 000 Ar, Ecolage : 30 000 Ar. Nefa ny vola ilaina ho fampandehanan'asa 12 000 000 Ar. Tokony hisy ny étude Marketing sy ny offre Publicitaire, eo koa ny fiaraha-miasa amin'ny UCM Ambatoroka sy ny Faculté de Théologique Ambatonakanga. Efa misy vola kely ihany ahafahana miroso araka izay voafaritra ao amin'ny Budget Diosesy hamelomana ny mpiasa efa miandraikitra izany ankehitriny. Noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panazavana sy fanamarihana. Efa nisy koa nanolotra fampitaovana ny Ivon-toerana amin'ny fandriana "superposé" miisa 15 handraisana ireo mpianatra vaovao.

PROJET DIOTANA : nataon'i Dr RAVONIARISOA Zoé, nahazoana tatitra an-tsoratra, mila hatsaraina ny fomba fampiasana ny vola ao projet ho entina hanatsarana ny fiainan'ny Kristiana.

Boky Fivavahana mila jerena ireo tsy ara-dalana rehetra amin'ny famoahana Boky Fivavahana.

Noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panazavana sy fanamarihana.

Niroso tamin'ny sakafo atoandro tamin'ny 1 ora sy 45 mn. Ny Distrikan- dRamainandro no nanolotra izany ary ny Reninjaza avy ao Anatihazo sy Ambanidia no nikarakara sy nandroso, ny Skoto Diosesy kosa no nanolotra ny goûter.

Nanomboka indray ny fivoriana tamin'ny 2ora sy sasany ka ny Hira 27 : and-1 sy and-5 rehefa vita izany dia natomboka ny asam-baomiera ka nizara vaomiera 5 :

1) ARA-PANAHY notarihin'ny Vén RAHARIJAONA David Elson
2) FAMPIOFANANA SY FAMPANDROSOANA notarihin'ny Rév. ANDRIAMBOAVONJY Mamy Rahajatsialonina
3) RAFITRA notarihin'ny Doyen RANAIVOARIVELO Tahiana Vonjisoa
4) VOLA notarihin'ny Doyen RAKOTONDRANAIVO Eléonor Jhonson
5) FIAINAM-PIRENENA notarihin'ny Pr RAZAFIARIVONY Michel

Nofaranana tamin'ny 4ora 45minitra ny asam-baomiera dia notohizana tamin'ny famakiana ny tatitry ny **FEEM** izay nataon'i Rév. RALAMBOMANANA Jocelyn, Tonia. Nahazoana tatitra an-tsoratra,

Fangatahana ny fanitsiana ny diso ao anaty kalendara, famoahana azy alohan'ny fotoana, noraisina ny tatitra rehefa nasiam-panazavana sy fanamarihana.

5ora 15mn : Nofaranana tamin'ny Hira 11 sy vavaka ary tso-drano nataon'i Eveka ny fotoana.

ALAKAMISY 14 DESAMBRA 2017
ANDRO FAHA-3

Tamin'ny 8 ora sy sasany no niditra. Ny Rév. RAKOTONIRINA Lantoniaina Doyen Distrika Ambanidia, no nitarika.

Vavaka, narahina hira 20 sy ny Salamo 31, Hira 21 ary nofaranana tamin'ny vavaka.

Notohizana tamin'ny famakiana ny tatitra fintina tamin'ny fivoriana rehetra teo aloha volana (Martsa, Jona, Semptambra), izay nataon'i Rév. ANDRIANJAKA NOMENJANAHARY Rivosoa Michel, noraisina tatitra rehefa nasiana fanitsiana.

Nitohy ny asam-baomiera

11ora 35mn : **Tatitra ara-bola** nataon'i Rtoa Soraya RANAIVOSON, nahazoana tatitra an-tsoratra,

Amafisina fa ny ny taom-piasana ho an'ny Eklesia dia manomboka ny Desambra ary mifarana ny Novambra manaraka.

Nanolotra ny sakafo androany ny Distrikan'i Miandrarivo, nikarakara ny Reninjaza avy ao Mandrosoa sy Ambohimangakely, ny SAHASOA kosa no nanolotra ny "goûter".

Nofaranana tamin'ny Hira 19 sy vavaka ary tso-drano nataon'i Eveka ny fotoana tamin'ny 5ora 25mn.

ZOMA 15 DESAMBRA 2017
ANDROANY FAHA-4

8ora 35mn : natomboka tamin'ny vavaka notarihin'i Rév. RAZAKARIASY Olivier, Doyen Distrika Mahitsy ny fotoana, vavaka, Salamo 75, Hira 142.

Fiarahabana nataon'i Eveka.

Fanohizana ny fandinihana ny teti-bola.

Ny sakafo androany dia natolotry ny Distrikan'i Tsiroanomandidy, nikarakara kosa ny Reninjaza avy ao Avaratranjoma, Reninjaza foibe no nanolotra ny goûter.

FANAPAHAN-KEVITRA :

VOLA :

Fivelomana :

Nanapaka ny Komitin'ny Synoda fa ampiakarina 51% ny fivelomana fototra ho an'ny mpiasa rehetra isan'ambaratonga eto amin'ny Diosesy, ka noboriborina ho :

200 000 Ar ny an'ny Klerje ary 100 000 Ar ny an'ny Evanjelista.

Ny Katekista kosa dia homena : 20 000 Ar ho fanampiana (Indemnité)

Solombary : tapaky ny Komitin'ny Synoda fa 2 400Ar ny kilaon'ny fotsim-bary ka 750kg isan-taona fara-fahakeliny izany raha fotsimbary fa 1 000 kg kosa fara-fahakeliny ho an'ny mandray akotry.

Nekena ny hanaovana Alimanaka hisy ny teti-andron'ny rakitra rehetra fanao voalaza ao amin'ny kalendara eto amin'ny Diosesy

Loharano-bola maharitra ho an'ny isan-Distrika : hatsangana ny Komitin'ny Fampandrosoana isan-Distrika hanadihady sy handinika ny fahafahana manao ny tetik'asa. Omena fampiofanana ireo, izay eo ambany fanaraha-maso ny Ekipan'ny Tetik'asa (Projet) eny ifotony. Tokony ho vita ny fananganana izany alohan'ny faran'ny volana Janoary 2018.

Fanomanana ny SYNODA XV amin'ny taona 2019 : hampiomanina dieny izao taona 2018 izao ny isan-Distrika, isan-Paroasy, isan-Piangonana fa izy ireo no handray anjara feno amin'ny fandanian'ny solontenany any amin'ny Synoda.

Permaculture :(voly maharitra mandavantaona,) neken'ny Komitin'ny Synoda ny fanaparihana izany eran'ny Diosesy ka ny RIATA no hitarika izany ary entanina ihany koa ny fiaraha-mientan'ny Herivelona rehetra. Tanjona ny hiarovana hatrany ny tontolo iainana.

Gardien Evêché : hamafisina ny fanatanterahana ny hevitra tapaka tamin'ny Komity Synoda teo aloha ny amin'ny hisian'ny mpiambina eto amin'ny Evêché.

Toy izao fanovana ny indemnité ny diploma :

BEPC	3 000 AR
BACC	5 000 AR
LICENCE	7 500 AR
MAITRISE	10 000 AR
DEA	15 000 AR
DOCTORAT	20 000 AR

RAFITRA :

1- Mpiasa tsy tafiditra CNAPS :
Anjaran'ny Arsidiakona isaky ny Arsidiakoneria ny manentana sy mikarakara ny anton-tataratasy tokony ho karakarain'ny mpiasa tsy tafiditra CNaps na ny zanaky ny mpiasa, ny tera-bao, ny fisotrondronono ary ny mariboninahitra ka ny Vikaria kosa no tompon'andraikitra amin'ny fifandraisana amin'ny CNAPS ny amin'ny fanatanterahana izany.

2- Fifandimbiasan'ny mpiasa :
*- ho an'ny fifindran-toeran'ny Evanjelista sy ny Presbytera dia ny Doyen-n'ny Distrika no manendry ny fotoana, sy ireo olona hanatrika ny fifamindran'asa ; ka ireto avy ireo olona ireo : Doyen, Presbytera hiala ; Evanjelistra hiala ; ny Katekista ary solotena 2 avy amin'ny Komity (trésorier sy secrétaire).
*- Ho an'ny fifindran-toeran'ny Doyen dia ny Arsidiakona no mandrindra sy manendry ny olona hanatrika izany. Ireto avy ireo olona ireo : Doyen 2 mifandimby, solontena Presbytera, ny mpitahiry vola sy ny mpitantsoratra. Tsy tokony hiala eo amin'ny toerana ny mpiasa raha tsy vita ny fiifamindran'asa.
Raha mbola tsy tonga ny mpiasa vaovao dia anjaran'ny Doyen sy ny Komity no manao ny famindran'asa amin'ilay mpiasa hiala, ka rehefa tonga lay mpiasa vaovao dia ny Doyen no hanao ny famindran'asa aminy.
Ho an'ny Arsidiakona kosa dia ny Vikera no mandrindra ny fifamindram-pitantanana.
Raha misy famindran-toerana ny mpiasa dia tsara atao tonga aloha ny fiafaran'ny taom-pianarana ny taratasy fifamindran-toerana. Tokony ho hita ao anatin'io taratasy io ny fotoana handraisany fivelomana amin'ilay Paroasy ialany sy hidirany.
Vary hoan'ny mpiasa na ny solom-bary : ny vary natolotry ny olona ho an'ny Klerje na Katekista dia hatolotra azy manontolo na mihoatra aza.

3- Tanim-piangonana Ankazobe :
Apetraka amin'ny Arsidiakoneria afovoany sy ny Distrikan'ny Mahitsy ny fijerena akaiky ny zava-misy ary ny hanao fangatahana amin'ny fanjakana raha misy ny ampahan-tany tafiditra.

4- Villa Tafondro : raha misy manana na mahita ny taratasy mazava maha an'ny Anglikana azy dia hangatahana ny handefasany izany aty amin'ny Foibe.
   - Tanin'ny Katedraly ao Tsiazotafo dia ankinina amin'ny Vikaria sy ny Eveka ary ny Chancellier ny fifampiresahana mivantana amin'ny fanjakana mahefa.

5- Sehatra mampifandray ny SEFAMALA sy ny FIMPIADA.
3 taona ny fanofanana mpiandry ka ny 2 taona voalohany ao amin'ny SEFAMALA, ny taona faha-3 farany kosa dia raisin'ny FIMPIADA ny mpiomana ho mpiandry.

- Ny fanokanana mpiandry dia atao isaky ny faritra (Distrika, Arsidiakoneria) fa ny fanirahana kosa dia iraisan'ny Diosesy amin'ny Alahady Isan-kerintaona
- Hamafisina ny hanaovan'ny mpiandry fihaonambe isan-taona.
- Mba hirindran'ny fiaraha-miasa sy ny fomba fiasan'ny mpiandry eto amin'ny Diosesy dia anjaran'ny Filohan'ny FIMPIADA no mampiantso ireo olona Anglikana sy ny Klerje manana traikefa amin'ny fanofanana mpiandry amin'ireo fomba fiasa samihafa izay efa misy sy ampiharin'izy ireo.

6- Fiaraha-miasa amin'ny SAFIFI amin'ny fananganana Fiangonana :
Hamafisina ny fampidirana anatin'ny tetibola ny asa fitoriana Filazantsara.
Ampahafantarina ny olona fa rehefa vita Batisa dia efa mpitory Filzantsara ary manana adidy amin'ny fananganana Fiangonana.

7- Ekena ny hananan'ny sampana tsy mbola manana Foibe : Guild, Antokom-pihira, SMS, Dorkasy.
Ny fikambanana mitaiza tanora amin'ireo dia miditra ao amin'ny RIATA na dia vao hatsangana aza ny foibeny.

Samihafa : hamafisina ny fanampahan-kevitry ny Synoda faha XIII momba ny rakitra mariazy dia ho an'ny Ministera sy ny mpiara-miasa aminy.

ARA-PANAHY :

I) FAMPITAOVANA AMIN'NY ASA FITORIANA :

Mizara 2 :

1) Fitetezana tokantrano
2) Fitoriana Filazantsara mandeha lavitra (TAFIKA MASINA)

Ny fitaovana ilaina :

Baiboly, Boky Fivavahana, Boky kely, Video Projecteur, Solosaina, groupe, fanamafisam-peo (miampy ireo fitaovana avy amin'ny Campus), ny olona hitory ; fampiofanana, fitaovana fandrohana sakafo.

II) FIHENAN'NY TAHAMPAHAVITRIHANA AORIAN'NY KONFIRMASIONA :

Antony :

- Tokony tsy ho latsaky ny 1 taona ny fianarana Konfirmasiona.
- Ao anatin'ny vanim-potoana miala sakana (12-17 taona) ireo tanora ireo ka tia manandrakandrana, tsy mahatohitra fakam-panahy
- Tsy mbola resilahatra tanteraka
- Ireo olon-dehibe miroso sasantsasany, tsy avy amin'ny faharesen-dahatra fa noho ny henatra eo amin'ny fiaraha-monina sy ny mpiara-mivavaka.
- Tsy fahaizan'ny olona mampirindra ny fiainana andavan'andro amin'ny ara-panahy.
- Tsy fahampian'ny aim-panahy satria betsaka ny Fiangonana entin'ny Presbytera iray.
- Noho ny fandrebireben'ny Sekta

Vahaolana :

- Atao izay hahatamana sy hitazonana ny tanora ao amin'ny Fiangonana ohatra : famoronana zavatra mahaliana ny tanora (Sport, Club de langue, sns…)
- Fitarihina azy hiditra sampana
- Fanaovana fiatahana Masina (rétraite), fandinihan-tena mialohan'ny hanaovana Konfirmasiona.

III) FOTOANA FAMPIANARANA SEKOLY ALAHADY
- Samy miezaka mandamina izay mampety azy ny isam-piangonana.

IV) KALENDARA TOKANA HOAN'NY ANKIZY ETO AMIN'NY DIOSESY

Tsara ny hisian'ny KALENDARA natokana ho an'ny ankizy eto amin'ny Diosesy, apetraka amin'ny Fiangonana Avaratranjoma ny fanaovana azy fa ny KFSA kosa no manamparitaka azy.

V) FAMOAHANA BOKY HOAN'NY AKANIN-JAZA : boky fampivelaran-tsaina. Efa mandeha ny fanomanana io Boky io ao amin'ny KFSA, ny 27 Janvier 2018 hisy dinika fanomanana.

VI) FANAMPIANA BOKY FIVAVAHANA hoan'ny Fiangonana vaovao : atao aloha izay hahabetsaka sy hampitobaka ny Boky Fivavahana eto amin'ny Diosesy.

VII) KRISTIANA LASA ANY AMIN'NY SEKTA :

- Noho ny fahasahiranana sy ny fahantrana
- Matanjaka ny fandresen-dahatra ataon'ny Sekta, fanasitranana, fampanan-tenan-javatra.
- Tsy miorina tsara aram-panahy, tsy ampy fitaizam-panahy, fiainam-bavaka sy ny famakiana ny tenin'Andriamanitra.
- Misy ireo Kristiana manambady olona any amin'ny Sekta ka voasarika any, nohon'ny fitarihan'ny namana.
- Fampirafesana Fiangonana.
- Noho ny fitsipika mifehy eto amin'ny Fiangonana (oh : Fanambadiana) any amin'ny SEKTA malalaka.

VIII) FAMPIOFANANA : TOKONY HIASA ANY AMIN'NY TOBY MIARAMILA

Ankinina amin'ny tompon'andraikitra Aumonier.

IX) FANITARANA NY ASA FITORIANA : anjara asan'ny Fiangonana ny mitory.

Ezahina ny fiarovana ny fitaovam-piangonana mba tsy ho viravirain'ny hafa.

FANOFANANA :

Kolejy teolojika Ambatoharanana:

Ny zava-misy :

Kolejy Nasionaly ny ao Ambatoharanana miainga amin'ny Fiaraha-miasa Amin'ny Barnanbas-Found sy fandaminana avy amin'ny FEEM

- Afaka 4 taona no misokatra ny zavatra rehetra.

INSTITUT:

Hatsaraina ny efitrano hianarana mba ahazoana tombony ka ahazoana mpianatra maro sy hitondra famporisihana ho azy ireo.

Notendren'ny Komitin'ny Synoda ireto olona ireto mba hamolavola ny SATA mifehy ny Institut : Rév. RANAIVOARIVELO Vonjisoa Tahiana, Rév. RAFIDIMANANA Joachim, Rév. RANAIVOJAONA Jean Jacques, Atoa RASOAMAHENINA Daniel, Atoa RAZAFIARIVONY Michel, Atoa RAHETILAHY Willy, Atoa RAJAOSON François.

- Ho fanombohana ny fotoampianarana dia antsoina ny mpianatra efa nisoratra anarana ary antsoina koa ireo tsy mbola nisoratra mba hisoratra anarana. Ny fanomboana ny fampianarana dia ny 12 Janoary 2018.

SEKOLY MIKATONA SY VITSY MPIANATRA

Sta Laurent Ambohimananoro:

- Araky ny tapaka tamin'ny Fivorian'ny Komitin'ny Synoda ny volana Jiona tokony hamafisin'ny Eveka amin'ny fomba ofisialy ny fanendrena ireo olona ho "Task Force" dia Andriamatoa isany :

Pr RAJAOSON Francois sy Andriamatoa ANDRIATSITOHAINA Jean Joelson.

Notendren'ny Komity Synoda hanampy azy ireo ny Vén Jeannot RAKOTOARISOA sy ny Rév. Lantoniaina RAKOTONIRINA.

Ireo Komity ireo no hamolavola ny paik'ady amin'ny fanarenana Sekoly ao anatin'ny 3 volana.

Ankapobeny:

Ambatoharanana : Mamporisika ny Talen'ny Sekoly Diosesy sy ny Doyen Distrika Ambatoharanana Rév. RANAIVOARIVELO Vonjisoa Tahiana hanangana ny komitin'ny Sekoly

Ramainandro: olana ateraky ny "Exode rurale"

IPAE:

- Ampirisihana ny isam-piangonana mba handefa mpianatra ho ao.

FIAINAM-PIRENENA :

1. Famakiana ny fanambaran'ny foibe FFKM faha 40 natao tao Antsirabe sy ny soson-kevitra ny amin'ny fanatanterahana azy.

2. **Lohahevitra voalohany :**
   Rafi-pampianarana.PSE
   Atolotra hodinihin'ny Rafitry ny Sekoly eto amin'ny Diosesy io izay mahafantatra tsara ny fanavaozana mety ho an'ny zaza malagasy.

3. **Lohahevitra faharoa :**

FAMORIANA NY ZANAKY NY FFKM ETO AMIN'NY FITONDRANA

Izao no tolo-kevitra :

Tanjona : Fotoam-bavaka hampiverenana ireo mpitondra Kristiana ho amin'ny sitrapon'Andriamanitra.

Fizotry ny fotoana:

- Fotoam-pivavahana fanombohana
- Toriteny hanambarana ny sitrapon'Andriamanitra
- Fitondrana am-bavaka ireo mpitondra tonga
- Fanambaran'ny FFKM ny fahitany ny zava-misy eto amin'ny Firenena
- Dinika ho amin'ny Fananganana Aumonerie ho an'ny mpitondra
- Fanomezana fitenenana ireo nasaina
- Vavaka ho an'ny firenena
- Toerana Katedraly Ambohimanoro/ ECAR Antanimena
- Daty Alarobia 27 desambra amin'ny 9 ora ka hatramin'ny 11 ora.

Fanatanterahana :

Hasaina ny Klerje sy ny Katekista hanolotra ny anaran'ireo mpitondra rehetra hatrany ifotony ka ny 15 Janoary no fara fanaterana izany ety amin'ny Evêche.

Fanamarihana :

Raha sanatria tsy tanteraka ny an'ny FFKM dia ampirisihina sy ny Chapitre hanatanteraka io ho antsika eto anivon'ny Diosesin'Antananarivo.

Ny ho enti-manana :Avy amin'ny malala-tanana sy ny Fiangonana

Intervenant: Filoham-piangonana 4 mirahalahy ka atao mafy tsara ny securité

4- **Lohahevitra faha-3:**

Aumonerie ho an'ny Mpitondra

Aumonier: Fiangonana iray avy ao amin'ny FFKM

Toerana: Fiangonana ao anaty Rova

Fotoana : indray mandeha isam-bolana

5- **Lohahevitra faha-4:**
Mpitandro ny Filaminana: Hamafisina ny fitaizam-panahy ho an'ireo mpitandro ny filaminana any amin'ireo toeram-panofanana ho any amin'ny toeram-piasana.

6- **Lohahevitra faha-5:**
Vavaka mitohy ho an'ny Firenena:
Hanao rojom-bavaka ny Kristiana rehetra isaky ny andro Talata
Samy hanana ny fomba hantanterahina izany ny Fiangonana tsirairay fa ny andro no iombonana. Tsara raha misy antom-bavaka iomboanana miampy ny any an-toerana.

7- **Lohahevitra faha-6:**
Vavaka ho an'ny Firenenana ataon'ny Diosesin'Antananarivo.
Daty: Sabotsy 30 desambra 2017
Ny Fiangonana tsirairay no manao izay fandaminana hanatanterahana izany, tsara raha misy tari-dalana tsotra iombonan'ny rehetra avy aty amin'ny Diosesy.

Fanamasifana : entanina ny isam-piangonana **mba handefa ny rakitry ny FFKM** fa henatra ho antsika eo anivon'ny fiombonana ny tsy fanatanterahantsika izany.

Samihafa :

Nambaran'ny Eveka fa noraisina ho Gestionnaire eto amin'ny Diosesy i Rtoa RAHAINGOTIANA Liliane

Najanona tamin'ny asany ny mpamily Diosesy nanombokan'ny Alatsinainy 11 Desambra 2017.

HAFATRA AVY AMIN'NY SY NY KOMITIN'NY SYNODA (Jereo tovana)

Rehefa izany dia naneho fisaorana ny mpivory rehetra ny Eveka izay tonga tamim-pitiavana ary indrindra nahafoy fotoana sy ny asa aman-draharaha ho fampandrosoana ny Diosesy. Nirary soa antsika rehetra mba hahatafita antsika ny adventa ny Eveka ka hidirantsika ny Krismasy, mangataka vavaka avy amintsika izy satria izy no filohan'ny FFKM amin'ny taona 2018.

Dia mirary soa ho an'ny Kristiana rehetra hanao Krismasy Sambatra sy ho tratry ny taona vaovao 2018.

Rehefa izany dia natao ny Hira 225, ny vavaka sy tso-drano no namaranan'ny Eveka izany.

Nambaran'ny Eveka fa mifarana amin'ny fomba ofisialy ny fivoriana, amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy Fanahy Masina. Amena!

Ny Mpitantsoratra *Ny Eveka*

Rtoa RAHELIMANANJARA Solofoniaina Aima *Mgr RANARIVELO S. Jaona*

Rév ANDRINAJAKANOMENJANAHARY Rivosoa Michel

HAFATRA AVY AMIN'NY EVEKA SY NY KOMITIN'NY SYNODA NIVORY TETO AMBOHIMANORO
NY 12 – 13 - 14 - 15 DESAMBRA 2017

"***Fa tsy nomen'Andriamanitra fanahy osa isika fa Fanahy mahery sy Fitiavana ary fahononan-tena***"
(2Tim.1:7)

Miarahaba antsika rehetra nahatratra izao Adventa izao. Ny fotoana toy izao dia mitaona antsika handini-tena sy hibebaka ary hanamafy ny fiomanam-panahy mialohan'ny fihavian'i Kristy. Isaorana Andriamanitra fa tanteraka soamantsara ny Komitin'ny Synoda ny 12 – 15 Desambra 2017 teo.

Isaorana antsika ny fitondrantsika am-bavaka izany. Isaorana ihany koa ny fanohanana ara-tsakafo avy amin'ny fiangonana, Paroasy ary ny Distrika miampy ny Herivelona sy ny Sahanasa nanolotra sy nikarakara izany. Andriamanitra anie hampitombo ny risi-po sy fahazotoana mandrakariva ho anareo. Isaorana manokana ny Evekan'ny Diosesy, izay nitarika ny fivoriana.

Araka izany, ireto misy hevi-dehibe vitsivitsy hifampizarana amintsika, izay nisongadina nandritra ny fivoriana mahakasika ny fiainam-piangonana, ny fiainan'ny kristiana ary ny fiainam-pirenena amin'ny ankapobeny.

- Tsapa sy hita fa miaina ao anatin'ny fahasahiranana sy ny fahantrana ny vahoaka kristiana any amin'ny faritra maro samihafa eto amin'ny diosesintsika, noho ny fiakaran'ny vidim-piainana sy ny fiovaovan'ny toetrandro izay hita ho miharatsy hatrany.
- Mitebiteby noho ny tsy fisian'ny fandriampahalemana ny vahoaka, manampy trotraka izany ny adim-panahy samihafa ateraky ny asaratsin'ny satana.
- Momba ny fiainam-pirenena dia mampahatsiahy antsika hatrany handray ny andraikitra tandrify antsika amin'ny fanabeazana ireo taranaka mba ho olom-banona miaina ny fahamarinana ka hanalavitra ny kolikoly sy ny zava-dratsy izay manimba ny Hasin'ny Tanindrazana iombonana.
- Tsy hodian-tsy hita kosa anefa ny ezaka ataon'ireo ministera isan-tsokajiny, ny kristiana tsirairay any amin'ny fiangonana, paroasy ary ny distrika amin'ny ezaka fitoriana ny Filazantsara sy ny fanefana ireo adidy samihafa any amin'ny rafitra isan'ambaratonga ary indrindra ny fanatsarana sy ny fanitarana ny tranon'Andriamanitra.
- Ampirisihana ihany koa anefa isika hanohy hatrany ny asa fitoriana ny Filazantsara; hitarika ny olona hikajy sy hiaro ny tontolo iainana; hanohy hatrany ny ezaka fanatsarana sy fampandrosoana ny fiangonana, hanatanteraka am-pitiavana sy amim-pahatokiana ireo adidy samihafa tokony ho efaina.
- Raha sitrapon'Andriamanitra dia hisokatra amin'ny volana Janoary izao ny Institut de Formation Théologique et Développement Communautaire, koa anentanana antsika rehetra izay vonona hiditra amin'izany, koa samia mitondra am-bavaka fa ho tonga eny amintsika tsy ho ela ny andinindininy mahakasika izany.
- Etsy andanin'izany dia anisan'ny kitro hifaharan'ny fampandrosoana ny diosesintsika ny fananana foto-drafitrasa mba ho loharanom-bola maharitra, koa manainga sy manao antso avo amintsika ny mba handraisantsika anjara sy hiara mientana amin'ny fanaovana tolo-tanana ny TAHIRY SANTATRA, fananganana ny Trano Kambana.
    - Manoloana ny fisondrotan'ny vidim-piainana dia tsy azo ialana ny fanatsarana ny fiainan'ny mpiasa eto anivon'ny Eklesia mba hifanaraka amin'ny toetr'andro.

Noho izany, ny Komitin'ny Synoda izay tarihin'ny Eveka, dia mampahery sy mampirisika antsika tsy ho kivy na hiraviravy tanana manoloana ireo zava-tsarotra sy adim-panahy atrehintsika ankehitriny fa hisikina fahavononana mandrakariva, satria Kristy dia momba antsika hatrany araka ny teniny manao hoe : " Aza matahotra, indro Izaho momba anareo mandrakariva" sy ny Hira 231 and.1: "Mafy ny ady miadia; aza miamboho matokia".

Koa manainga antsika hatrany hitondra am-bavaka tsy tapaka ny fiainantsika, ny fiainan'ny fiangonana ary ny fiainam-pirenena.

Izay no hafatra koa mirary antsika hanao Krismasy sambatra sy taom-baovaom-pifaliana eo ambany fahasoavan'Izy Tompo.

Ny Eveka

Mgr RANARIVELO Samoela Jaona